

HAFATRY NY RAY MASINA FRANÇOIS
HO FANKALAZANA NY ANDRO MANERANTANY faha-54
HO AN'NY FANDRIAMPAHALEMANA
1 JANOARY 2021.

NY KOLONTSAIN'NY FIAHIANA (FIKOLOKOLOANA) TOY NY LALAM-PIADANANA

1. Amin'izao ankatoky ny taona vaovao izao dia sitrako ny miarahaba amim-pomba feno fanajàna an'ireo Filoham-panjakana sy Filohan'ny Governemanta, an'ireo tompon'andraikitry ny fikambanana iraisam-pirenena, ireo mpitondra ara-panahy sy mpino ao amin'ny fombam-pivavahana maro samihafa, an'ireo lehilahy sy vehivavy tsara sitrapo. Avantako amin'ny olona rehetra ny firariantsoa tsara indrindra avy amiko, enga anie mba hampiroso ny taranak'olombelona amin'ny lalan'ny firahalahiana, ny rariny sy ny fandriampahalemana eo amin'ny samy olombelona, eo amin'ny samy ankohonampianana, amin'ny samy vahoaka sy ny Fitondram-panjakana anie ity taona ity.

Ny taona 2020 dia voamariky ny olana ara-pahasalamàna nateraky ny Covid-19, izay niova ho toejavatra nahakasika sehatra maro sy ny ankapobem-piainana, nanampy trotraka ireo olana maro nifandrohy faka efa nisy, tahaka ny olana ara-toetrandro, ara-tsakafo, ara-toekarena sy ny olan'ny fifindramonina, ary niteraka fijaliana sy fahasahiranana mavesatra. Mankamin'ireo namoy havana na olona mamy hoditra ny saiko, fa eo koa ireo rehetra very asa. Singaniko manokana ireo mpitsabo, ny mpitsabo mpanampy, ny mpiantsehatra eo amin'ny lafiny ara-panafody, ny mpikaroka, ny mpilatsaka an-tsitrapo, ireo aômônîe sy mpandraharaha ao amin'ny hopitaly sy ireo toeram-pitsaboana, izay nandany mondron-kery ary mbola manohy izany ankehitriny, misasatra mafy sy mikely aina, ny sasany tamin'izy ireny aza moa dia maty tao amin'ny fiezahany hitoetra teo akaikin'ny marary mba hanamaivanana ny fijalian'izy ireny sy hanavotana ny ainy. Koa sady maneho fanajàna an'ireny olona ireny aho no mamerina ny antsoko amin'ireo tompon'andraikitra ara-pôlitika sy amin'ny sehatra tsy miankina mba handraisan'izy ireo ny fepetra saha mba hiantohana ny fahafahana misitraka ny vaksiny fanefitra amin'ny Covid-19 sy ny teknôlôjia fototra ilaina mba hanampiana an'ireo marary sy ireo rehetra tena mahantra ary marefo indrindra [1].

Tsy azo odian-tsy hita anefa fa eo anilan'ny fijoroana ho vavolombelona maro nanehoana fitiavana sy firaisankina, dia indrisy fa mipoitra indray ireo endrika maro isehoan'ny nasiônalisma, ny fanavakavahana, ny fahatahorana vahiny, fa eo koa ny ady sy fifandirana mamafy fahafatesana sy fandravàna. Miaraka amin'ireo zavamitranga maro hafa izay nanamarika ny zotran'ny taranak'olombelona tamin'iny taona lasa iny, izany dia mampianatra antsika hifampitsinjô sy hifampiahy ary hiahny ny zavaboary, mba hanorenana fiarahamonina miorina eo ambonin'ny fifandraisam-pirahalahiana. Izany indrindra no nifidianako ny lohahevitry ity hafatra ity : « *Ny kolontsain'ny fiahiana toy ny lalam-piadanana* ». Kolontsain'ny fiahiana mba handroanana ny kolontsain'ny tsy firaharahàna sy ny fanilihana, ny kolontsain'ny fifandonana izay mahazo vahana be ankehitriny.

2. *Andriamanitra Mpahary, loharano niavian'ny fiantsoana ny taranak'olombelona ho amin'ny fiahiana.*

Ao amin'ny karazampivavahana maro, dia samy ahitàna tantara milaza ny fiandohan'ny olombelona, ny fifandraisany amin'ny Mpahary sy amin'ny zavaboary ary amin'ireo namany mitovy aminy. Ao amin'ny Baiboly, dia ambaran'ny *bokin'ny Jenezy* hatrany am-piandohàna ny maha-zavadehibe ny *fiahiana* na ny *fitandroana* (fiambenana) ao amin'ny kinasan'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona, ka nampisongadinany ny fifandraisana eo amin'ny olona (*adam*) sy ny tany (*adamah*) ary ny fifandraisana eo amin'ny mpirahalaha. Araka ny fitantaran'ny Baiboly dia ankinin'Andriamanitra amin'i Adama ny zaridaina « napetraka tao Edena » (jereo *Jen* 2,8) tamin'ny nanomezany azy adidy « *hamboly sy hitandro azy* » (jereo *Jen* 2,15). Izany dia midika, amin'ny lafiny anankiray, hoe mampamokatra ny tany, miaro azy sy manao izay itehirizana ny fahafahany manohana sy mamelona ny aina[2]. Manoritsoritra ny fifandraisan'i Adama

amin'ny zaridaina izay tranony ny matoanteny "mamboly" sy "mitandro", ary manondro ny fitokisana apetrak'Andriamanitra aminy amin'ny fanendreny azy ho tompo sy mpitandro ny zavaboary manontolo.

Ny nahaterahan'i Kaina sy Abela dia mampiditra amin'ny tantaran'ny mpirahalaha : hadikan'i Kaina amin'ny fomba miiba ho *fiantohana* na *fiambenana* ny fifandraisana teo amin'izy ireo. Rehefa avy namono an'i Abela mantsy izy dia toy izao no namaliany ny fanontaniana napetrak'Andriamanitra taminy : « Fa izaho angaha *mpiambina* ny rahalahiko ? » (*Jen* 4,9) [3]. Izany tokoa anefa no izy ! « *Mpiambina* » ny rahalahiny i Kaina. « Efa voarakitra ao amin'ireny fitantaràna tranainy sy feno kisarisary misy heviny lalina ireny ny faharesendahatra iray iaraha-miaiky amin'izao androntsika izao hoe : mifandray ny zavatra rehetra ary ny tena fiahiana ny fiainantsika sy ny fikolokoloana ny fifandraisantsika amin'ny zavaboary dia tsy azo sarahina amin'ny firahalahiana, ny rariny sy ny tsy fivadihana amin'ny hafa » [4].

3. *Andriamanitra Mpahary, môdely amin'ny fiahiana.*

Ankoatra ny maha-Mpahary an'Andriamanitra dia asehon'ny Soratra Masina ho toy Ilay miahy ny zavaboariny Izy, indrindra moa fa i Adama, i Eva sy ireo zanak'izy ireo. Na i Kaina izay nianjeràn'ny ozona noho ny heloka bevava vitany aza dia nandray *mari-piarovana*, fanomezana avy amin'ny Mpahary, mba hitandrovana ny ainy (jereo *Jen* 4,15). Izany dia sady manamafy orina ny *fahamendrehan'ny olombelona* noharina ho endrik'Andriamanitra sy mitovy aminy, fahamendrehana *tsy azo zimbazimbaina*, no maneho ihany koa ny fandaharan'Andriamanitra itandroana ny rindran'ny zavaboary, mba « tsy hahafahan'ny fiadanana sy ny herisetra miara-mitoetra ao amin'ny fonenana iray » [5].

Io fiahiana ny zavatra noharina io indrindra no antony nampijoroana ny *Sabata*, izay ankoatra ny maha-andro fanompoana an'Andriamanitra azy dia mikendry ny hamerina amin'ny laoniny ny rindram-piarahamonina sy ny fitsinjovana ny mahantra (*Jen* 1,1-3, *Lev* 25,4). Ny fankalazana ny taon-Jôbily, isaka ny fito taona fitsaharana, dia manome fialantsasatra ho an'ny tany, ny andevo sy ny olona mibaby trosa. Mandritra an'io taom-pahasoavana io mantsy dia jerena manokana ireo marefo, omena herijika izy ireo hahafahany miatrika fiainana vaovao, amin'izay dia tsy hisy mahantra intsony eo amin'ny vahoaka (jereo *Dt* 15,4).

Mendrika hasian-teny koa ny fampianaran'ny mpaminany, izay isehoan'ny faratampon'ny fahazoana araka ny Baiboly ny hoe "rariny" ao amin'ny fomba itondràn'ny ankohonampianana ireo marefo indrindra ao anatiny. Izany no anandratan'i Amôsa (2,6-8; 8) sy Izaia (58) feo tsy miato ho fitandroana ny rariny ho an'ireo mahantra, izay noho ny faharefoany sy ny tsy fananany hery dia tsy misy mpihaino afa-tsy Andriamanitra ilay mikolokolo azy ireo (jereo *Sal* 34,7 ; 113,7-8).

4. *Ny fiahiana tao amin'ny asa fandraharahàna i Jesoa.*

Tonga nofo ao amin'ny fiainana sy ny asa fandraharahàna nataon'i Jesoa ny faratampon'ny fanambaràna ny fitiavan'ny Ray ny taranak'olombelona (*Jo* 3,16). Nanambara tena ho Ilay nohosoran'ny Tompo sy « nirahiny hitondra Vaovao Mahafaly ho an'ny mahantra, hitory fahafahana ho an'ny mpifatotra, fahiratana ho an'ny jamba ary hanafaka ny ampahorina » (*Lk* 4,18) i Jesoa tao amin'ny Sinagôgan'i Nazareta. Ireo asa maneho ny maha-Mesia ireo, izay mampiavaka ny taon-jôbily, no fijoroana ho vavolombelona mahalaza amin'ny fomba tsara indrindra ny iraka nankinin'ny Ray taminy. Feno fangorahana i Kristy ka nanatona ny marary ara-batana sy ara-panahy, ary nanasitrana azy ireo ; namela heloka ny mpanota ary nanome fiainambaovao azy ireo. I Jesoa no ilay Mpiandry Ondry tsara mikarakara ny ondriny (Jereo *Jo* 10,11-18 ; *Ez* 34,1-31) ; Izy no Ilay Samaritanina tsara fanahy miondrika mitsabo ilay lehilahy maratra, manisy fanafody ny feriny ary mikarakara azy (Jereo *Lk* 10,30-37).

Tamin'ny faratampon'ny asa nankinina taminy, dia nomarihin'i Jesoa tamin'ny tombokase tsy azo vahana ny fiahiany antsika tamin'ny nanolorany ny tenany teo ambony hazofijaliana sy tamin'ny nanafahany antsika tamin'ny fanandevozan'ny fahotana sy ny fahafatesana. Arak'izany, niaraka tamin'ny fanomezany ny ainy sy ny nanaovany sorona ny tenany, dia nanokatra ny lalan'ny fitiavana ho antsika Izy ary miteny amin'ny tsirairay amintsika hoe : « Manaraha Ahy. Ianao koa manaova toy izany » (Jereo *Lk* 10,37).

5. Ny kolontsain'ny fiahiana tao amin'ny fiainan'ireo mpanara-dia an'i Jesoa.

Ny asa fiantràna ara-panahy sy ara-batana no vihy fototry ny fanompoam-pitiavana teo amin'ny Eglizy tany am-piandohàna. Nampihatra ny fifampizaràna ny kristianina taranaka voalohany mba tsy hisy mahantra teo anivon'izy ireo (jereo *Asa* 4,34-35) ary niezaka izy ireo nanao izay hahatonga ny ankohonampianana ho trano mahay mandray vahiny, misokatra amin'ny toejavatra rehetra iainan'ny olona, vonona hizaka sy hiansoroka ireo marefo indrindra. Dia tonga fomba nahazatra ny manao tolotra an-tsitrapo hanalàna hanoanana ny mahantra, handevenana ny maty, hamahanana ny kamboty, ny beantitra sy ireo traboina tahaka an'ireo vaky sambo ka rendrika. Tato aoriana rehefa somary very an-javony ny fahalalahantanan'ny kristianina, dia nantitranterin'ny Aban'ny Eglizy sasany fa nomanin'Andriamanitra ho an'ny soa iombonana ny fananana manokana. I Ambroise ohatra dia nanitrikitrika fa « natosaky ny zavaboary (natoria) ho an'ny olombelona ny zavatra rehetra mba ho an'ny fampiasana azy iombonana. [...] Vokatry'izany, dia namokatra zo iombonana ho an'ny rehetra ny natoria, saingy navadiky ny fitiavana hanangon-karena ho zo ho an'olombitsy izany » [6]. Rehefa nivalona ny fanenjehana nitranga tamin'ireo taonjato voalohany, dia nohararaotin'ny Eglizy ny fahafahana nisy mba hanoloran-kevitra ny fiarahamonina sy ny kolontsainy. « Nampipoitra hery vao niasa ho an'ny fitiavana kristianina - *charitas christiana* - ny toe-padiranovana tamin'izany fotoana izany. Tsihivin'ny tantara ireo asa fanasoavana maro. [...] Sehatra maro no najoro hanamaivanana ny fijalian'ny taranak'olombelona : *hôpital, toeram-ponenana ho an'ny mahantra, fitaizana zaza kamboty sy akanin-jaza, toerana andraisana ny beantitra, sns.* » [7].

6. Ireo fitsipika fototry ny Fampianarana ara-tsôsialin'ny Eglizy toy ny fototry ny kolontsain'ny fiahiana.

Ny *diakônia* (asa fanompoana) tany am-boalohany, izay nobeazin'ny fandinihan'ny Aban'ny Eglizy voho sy nentanin'ny fitiavana mahavita miasa tao amin'ireo vavolombelona mamiratra ny finoana nandritra ny taonjato maro, no tonga fo manosika sy mamelona ny Fampianarana ara-tsôsialin'ny Eglizy, atolotra ho an'ny olona rehetra tsara sitrapo ho toy ny harena sarobidy lovain-jafy mirakitra fotokevitra, masontsivana sy torolàlana maro, hanovozana ny "fitsipika" mifehy ny fiahiana : fampiroboroboana ny fahamendrehana ny olombelona tsirairay, ny firaisankina amin'ny mahantra sy ny tsy afa-miaro tena, ny fiahiana ny soa iombonana, ny fiarovana ny zavaboary.

* Ny fiahiana toy ny fampiroboroboana ny fahamendrehana sy ireo zon'olombelona.

« Ny teny hoe 'olona' (personne), izay nipoitra sy nihamasaka teo anivon'ny fivavahana kristianina, dia manampy amin'ny fanarahana fandrosoana mendrika tanteraka ny maha-olona. Satria ny teny hoe 'olona' dia milaza fifandraisana mandrakariva fa tsy fiolonolonana, manambara fampiatiana fa tsy faniliana, fahamendrehana tokana aman-tany tsy azo zimbazimbaina fa tsy fanambakàna amam-panararaotana »[8]. Ny tenan'ny olona tsirairay dia tanjona fa tsy fitaovana tomanana fotsiny araka ny ilàna azy na oviana na oviana, noharina mba hiara-miaina eo anivom-pianakaviana, anivon'ankohonampianana, anivom-piarahamonina, izay itovian'ny mpikambana rehetra fahamendrehana. Avy amin'io fahamendrehana io no ipoiran'ny zon'olombelona, tahaka ny adidy ihany koa, izay mampahatsiaro ohatra ny andraikitra handray sy hamonjy ireo mahantra, ireo marary, ireo atao anjorombala, ny « namantsika rehetra, akaiky na lavitra ao amin'ny fotoana sy ny toerana » [9].

* Ny fiahiana ny soa iombonana.

Tonga amin'ny fahatanterahany ny lafim-piainana tsirairay avy na sôsialy izany na pôlitika na ara-pihariana rehefa ampiasaina ikatsahana ny soa iombonana, izany hoe ireo « fitambaran'ireo fepetran'ny fiainana ara-piarahamonina manampy ny tsirairay na ny fikambanana hahatratra ny fahalavorariany bebe kokoa sy amin'ny fomba haingana kokoa » [10]. Noho izany, dia tsy maintsy heverintsika lalandava ny fiantraikan'ny drafitra sy ny ezaka ataontsika amin'ny fianakaviamben'ny taranak'olombelona, amin'ny alàlan'ny fandanjalanjàna ny vokany amin'ny fotoana ankehitriny sy amin'ny taranaka ho avy. Marina be sy mifanaraka amin'ny toejavamisy ankehitriny izany, araka ny porofoin'ny valanaretina Covid-19, izay « ahatsapantsika rehetra tena ho toy ny olona miara-miondrana anaty lakana anankiray, samy osa sy very fanahy saingy miaraka amin'izay dia mahatsapa tena koa fa manan-danja sy ilaina ka antsoina hiara-mivoy »

[11], satria « tsy misy mahavonjy tena samirery » [12] ary tsy misy Fanjakàna ara-pirenena mitoka-monina afaka hiantoka ny soa iombonan'ny vahoakany [13].

* Ny fiahiana amin'ny alàlan'ny firaisankina.

Ny firaisankina dia maneho amin'ny fomba azo tsapain-tànana ny fitiavana ny hafa, tsy toy ny fihetsehampo manjavozavo anefa fa toy ny « fahatapahankevitra hentitra sy maharitra hirotsaka ho fitandroana ny soa iombonana : izany hoe ho fanasoavana ny rehetra sy ny tsirairay satria tompon'andraikitra amin'ny rehetra tokoa isika » [14]. Manampy antsika hijery ny hafa – na olona izany na, araka ny heviny malalaka, vahoaka na firenena – ny firaisankina, tsy toy ny zava-pantatra araka ny isa (statistika), na toy ny fomba iray araraotina aloha dia avy eo ahilika rehefa tsy ilaina intsony, fa toy ny namantsika, mpiara-dàlana amintsika, antsoina handray anjara mitovy amintsika amin'ny fanasàn'ny fiainana izay anasan'Andriamanitra ny olona rehetra ihany koa.

* Ny fiahiana sy ny fiarovana ny zavaboary.

Nomarihin'ny taratasy ansiklika « *Ankalazaina anie Ianao* » tamin'ny fomba feno ny fifandrohizana misy eo amin'ny zavatra rehetra noharina ary nasongadiny ny filàna mihaino miaraka ny antsoantson'ny mahantra sy ny antsoantson'ny zavaboary. Avy amin'io fihainoana amim-pitandremana sy mitohy io no mety hahaterahan'ny fiahiana ny tany amim-pahombiazana, ny tany izay tranobe iombonantsika sy ny fiahiana ny mahantra. Ny amin'io dia sitrako ny manantitrantitra fa « tsy mety ho marina ny fihetsehampom-piombonana lalina amin'ireo zavaboary hafa raha toa ka tsy misy fitiavana sy fangorahana ary fitsinjovana ny taranak'olombelona miaraka amin'izany ao am-po » [15]. « Zavatra telo mifandrohy ny fiadanana, ny rariny ary ny fiarovana ny zavaboary, tsy azo sarahina ireo ka hoe hokarakarina mitokana tsy ijerena ny hafa, raha tsy izany dia ho tafalatsaka ao anatin'ny fonjankevitra ny fanaterena na fampihenana (réductionnisme) » [16].

7. *Tondroavaratra manoro ny tanjona iombonana.*

Amin'izao vanimpotoana anjakan'ny kolontsain'ny faniliana izao, eo anatrehan'ny fitomboan'ny tsy fitoviana ao anatin'ny firenena sy amin'ny samy firenena [17], dia tiako ny manasa ireo tompon'andraikitra ao amin'ireo Fikambanana iraisam-pirenena sy ny Governemanta, ao amin'ny tontolo ara-pihariana ary siantifika, ao amin'ny sehatry ny serasera sy ny fanabeazana mba handray an-tànana io "*tondroavaratra*" mirakitra ireo fotokevitra notsiahivina etsy ambony io, mba hamaritana *tanjona iombonana* amin'ny dingan'ny fanatontoloana, « tanjona mandala marina ny maha-olona » [18]. Io tondroavaratra io mantsy dia manampy antsika hahatakatra ny lanja sy ny fahamendrehan'ny olona tsirairay, manampy antsika hiasa miaraka sy ao anaty firaisankina ho an'ny soa iombonana, amin'ny fampaherezana ireo rehetra mijaly noho ny fahantrana, ny aretina, ny fanandevozana, ny fanavakavahana sy ny fifandonana. Amin'ny alàlan'io tondroavaratra io, dia mampirisika ny rehetra aho mba ho tonga mpaminany sy vavolombelon'ny kolontsain'ny fiahiana, mba hanotofana ny tsy fitoviana ara-tsôsialy tsy hita noanoa. Ho tanteraka izany raha toa ka omena fandraisana anjara mafonja sy mivelatra bebe kokoa ny vehivavy, eo anivon'ny fianakaviana sy amin'ny sehatra rehetra : fiarahamonina, pôlitika sy ara-pitondràna.

Ny *tondroavaratra* ny fotokevitra sôsialy, ilaina hampiroboroboana ny *kolontsain'ny fiahiana*, dia atolotra ihany koa ho an'ny fifandraisan'ny samy Firenena, izay tokony hanovo hevitra amin'ny firahalahiana, amin'ny fifanajàna, amin'ny firaisankina sy fitandroana ny lalàna iraisampirenena. Mikasika izay dia antitranterina ny fiantohana sy ny fampiroboroboana ny zo fototra maha-olona izay tsy azo foana, iraisan'ny rehetra ary tsy azo saratsarahina [19].

Ampahatsiahivina koa ny fanajàna ny zo hahazo fanampiana araka ny maha-olona, indrindra amin'izao fotoana ifanesisesen'ny fifandirana sy ny ady tsy miato izao. Indrisy fa faritra sy ankohonampianana maro no tsy mahatsiaro akory ny fotoana niainany tao anatin'izany hoe fandriampahalemana sy filaminana izany. Tanandehibe maro no tonga ivontoeran'ny tsy filaminana : miady mafy ny mponina ao amin'izy ireny mba hitazonana ny fizotry ny fiainana andavanandro satria tafihina sy darofana baomba tsy misy fanavahana, ampiasàna antokon-tafika mpitifitra sy fitaovam-piadiana maivana. Tsy afa-mianatra ny mpianatra. Lehilahy

sy vehivavy maro no tsy afa-miasa mba hamelomana ny fianakaviana. Mahazo faka ao amin'ny toerana tsy nahalalàna azy teo aloha ny mosary. Voatery mandositra ny olona, ka mandao, tsy ny tranony ihany, fa ny tantaran'ny fianakaviana sy ny fototra ara-kolontsaina koa.

Maro ny anton'ny fifandirana saingy mitovy hatrany ny vokatra entiny : faharavàna sy fikorontanana (krizy) eo amin'ny lafiny maha-olona. Tokony mitsahatra kely isika ary manontany tena hoe : inona no nitondra tamin'izao fiheverana ny fifandonana eo amin'izao tontolo izao ho zavatra ara-dalàna ? Ary indrindra hoe ahoana no hampibebahana ny fontsika sy hanovana ny toetsaintsika mba hitadiavana marina ny fiadanana ao anaty firaisankina sy firahalahiana ? Harena tsy hita noanoa no lanina hanamboarana fitaovampiadiana, indrindra ny fiadiana nokleary [20], harena izay tokony ho nampiasaina tamin'ny zavatra maika misy heviny bebe kokoa mba hiantohana ny filaminan'ny olona, tahaka ny fampiroboroboana ny fandriampahalemana sy ny fandrosoan'ny olona manontolo, ny ady amin'ny fahantràna, ny fiantohana ny zavatra ilaina amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Nahariharin'ireo olona manerantany tahaka ny valanaretina Covid-19 miseho ankehitriny sy ny fiovaovan'ny toetrandro izany. Fanapahankevitra feno fahasahiana ny « mampisy 'Tahirimbola manerantany' androtsahana ireo vola nokasaina hanamboarana fitaovampiadiana sy hanaovana fandania ara-miaramila, hamongorana tanteraka ny hanoanana sy handraisana anjara amin'ny fampandrosoana ireo firenena mahantra indrindra » ! [21].

8. *Manabe ho amin'ny kolontsain'ny fiahiana.*

Mitaky *dingana ara-panabeazana* ny fampiroboroboana ny kolontsain'ny fiahiana ary ny tondroavaratra mirakitra ny fitsipika fototra ara-tsôsialy dia zary fitaovana azo ianteherana hahatratrarana an'io tanjona io amin'ny sehatra maro mifandrohy faka. Te hanome ohatra vitsivitsy mikasika izany aho.

- Teraka eo anivon'ny *fianakaviana* izay vihy voajanahary sy fototry ny fiarahamonina ny fanabeazana ho amin'ny kolontsain'ny fiahiana, ao mantsy no ianarana miaina ao anaty fifandraisana sy fifanajàna. Na izany aza anefa dia atao izay ahafahan'ny fianakaviana manatanteraka io adidy iankinan'ny aina sy tsy azo avela io.

- Misy koa ireo sehatra miasa ho an'ny fanabeazana ary miara-miasa mandrakariva amin'ny fianakaviana, dia ny *sekoly* sy ny *anjerimanontolo*, ary mitovitovy amin'izany koa amin'ny lafiny sasany ireo sehatra misahana ny *fifandraisan'ny mpiara-belona* [22]. Antsoina izy ireny mba hitondra sy hampita tontolo-na soatoavina mifototra amin'ny fankatoavana ny fahamendrehan'ny olona tsirairay, ny isan'ankohonampianana tsirairay mifahatra amin'ny fitenenana, foko sy fivavahana, ny vahoaka isanisany sy ireo zo fototra mipoitra avy amin'izany. Iray amin'ireo andry ijoroan'ny fiarahamonina mandala ny rariny sy ny firaisankina ny fanabeazana.

- Ny *karazam-pivavahana* amin'ny ankapobeny ary indrindra ireo *mpitarika* ara-panahy dia afaka misahana amin'ny fomba tsy aso soloina ny fampitana amin'ny mpino sy amin'ny fiarahamonina ireo soatoavin'ny firaisankina, ny fanajàna ny fahasamihafàna, ny fandraisana sy ny fiahiana ny rahalahy marefo kokoa. Ampahatsiahiviko ny teny nataon'ny Papa Paoly VI tao amin'ny Antenimieram-pirenena tany Ouganda tamin'ny taona 1969 : « Aza atahorana ny Eglizy ; manaja anareo izy, manabe anareo ho tonga olompirenena marina sy mahitsy, tsy mikotrika fifandrafesana sy fisarahana, miezaka hampiroborobo ny fahafahana marina, ny rariny ara-tsôsialy, ny fandriampahalemana ; fa raha manana safidy manokana ihany izy dia ho an'ny mahantra, ho an'ny fanabeazana ny madinika sy ny vahoaka, ho an'ny fiahiana ireo mijaly sy ireo tsy misy mpiraharaha » [23].

- Havaoziko etoana ny fampirisihana an'ireo rehetra mirotsaka amin'ny fanompoana ny vahoaka, ao amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena, miankina amin'ny fanjakana na tsia, manana adidy amin'ny fanabeazana, sy amin'ireo rehetra miantsehatra amin'ny fanabeazana sy fikarohana amina tonia samihafa, mba hahatratrarana ny tanjon'ny fanabeazana iray « misokatra bebe kokoa sy mampiaty, mahay mihaino amim-paharetana, mahay mifanakalo hevitra amin'ny fomba enti-manorina sy afaka mifankahazo » [24]. Irariako mba ho maro sy ho samihafa ireo handray ity fanasàna avantana amin'ny sehatry ny *Dinam-panabeazana ankapobeny (Pacte éducatif global)* ity.

9. *Tsy misy fiadanana raha tsy eo ny kolontsain'ny fiahiana.*

Lalana iray manana tombony amin'ny fanorenana ny fiadanana ny *kolontsain'ny fiahiana*, izay firotsahana iombonana, iraisana hina sy andraisana anjara mba hiarovana sy hampiroboroboana ny fahamendrehana sy ny soa ho an'ny rehetra, fahavononana ho liana sy hanongilan-tsofina amin'ny fangorahana, fihavanana (fampihavanana) sy fanasitranana, fifanajàna sy fandraisana mifamaly. « Any amin'ny faritra maro amin'izao tontolo izao, dia ilaina ny hisian'ny lalam-piadanana mitondra amin'ny fanasitranana ny fery, ilaina ny hisian'ny mpampihavana vonona hamolavola dingam-panasitranana sy fihaonana havaozina amim-pahakingàna sy amim-pahasahiana » [25].

Amin'izao fotoana mahasarotra ny firosoan'ny lakana iondranan'ny taranak'olombelona mitady tontolo tony sy mazava kokoa izao, noho izy hozongozonin'ny tafiodrivotry ny krizy, dia afaka manampy antsika hiondrana hitody amin'ny tanjona azo antoka sy iombonana ny familiana, dia ny fahamendrehan'ny olombelona sy ny « tondroavaratra » mirakitra ny fitsipika fototra ara-tsôsialy. Amin'ny maha-kristianina, dia afantohy any amin'i Maria Virjiny ny fijerintsika, izy ilay Kintan'ny ranomasina sy Renin'ny fanantenana. Andeha isika rehetra hiara-miasa mba hirosoana ao amin'ny tontolo vaovaon'ny fitiavana sy ny fiadanana, firahalahiana sy firaisankina, fifanohanana sy fandraisana mifamaly. Aza manaiky ho resin'ny fakampanahin'ny tsy firaharahàna ny hafa, indrindra ireo tena osa, aoka isika tsy hizatra hanodina ny maso [26], fa aoka hirotsaka isan'andro amin'ny fomba azo tsapain-tànana « hanorina ankohonampianana irafetana mpirahalaha manatanteraka fandraisana mifamaly amin'ny alalan'ny fifampiahiana » [27].

Nomena teto Vatikàna ny 8 Desambra 2020.

François.

[1] Jereo Vidéomessage à l'occasion de la 75ème Session de l'Assemblée Générale des Nations Unies [*Hafatra an-tsarimihetsika tamin'ny fihaonambe faha-75 an'ny Firenena Mikambana*], 25 septambra 2020.

[2] Jereo Taratasy ansiklika *Ankalazaina anie Ianao* (24 Mey 2015), 67.

[3] Jereo “Fraternité, fondement et route pour la paix”, Message pour la 47ème Journée Mondiale de la Paix 1er janvier 2014 [*« Firahalahiana, fototra sy lalana ho an'ny fiadanana »*, *Hafatra ho an'ny Andro Manerantany faha-47 ho an'ny Fiadanana 1 janoary 2014*] (8 Desambra 2013), lah. 2.

[4] Jereo Taratasy ansiklika *Ankalazaina anie Ianao* (24 Mey 2015), 70.

[5] Vaomieran'ny Papa misahana ny Rariny sy ny Fiadanana, *Fampianarana ara-tsôsialin'ny Eglizy*, lah. 488.

[6] *De officiis*, 1, 28, 132 : PL 16, 67.

[7] K. Bihlmeyer-H. Tüchle, *Church History [Tantaran'ny Fiangonana]* vol. 1, Westminster, The Newman Press, 1958, p. 373.374.

[8] Discours aux participants au Congrès organisé par le Dicastère pour le Service du Développement humain Intégral à l'occasion du 50ème anniversaire de l'Encyclique “*Populorum progressio*” [*Lahateny tamin'ireo mpandray anjara tamin'ny Kongresy nomanin'ny Sampandraharaha misahana ny Fampandrosoana feno ny maha-olona nandritra ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny Ansiklika « Populorum Progressio*] (4 Avrily 2017).

[9] Message à la 22ème Session de la Conférence des États Parties à la Convention-Cadre des Nations Unies sur les Changements Climatiques (COP 22) [*Hafatra tamin'ny Fivoriana faha-22 naton'ireo Firenena voakasiky ny Fifanarahana-Mpiandraikitra ny Firenena Mikambana mikasika ny fivoavon'ny toetrandro (COP 22)*], (10 Nôvambra 2016). Jereo Table Ronde Interdicastérielle du Saint Siège sur l'Écologie Intégrale, En chemin pour le soin de la maison commune. Cinq ans après Laudato si', [*Latabatra boribory nifandrimbonan'ny Sampandraharahan'ny Fiketrahana Masina mikasika ny Ekôlôjia feno, Mizotra ho*

amin'ny fiahiana ny tranobe iombonana. Dimy taona taorian'ny Ankalazaina anie Ianao], LEV, 31 Mey 2020.

[10] Konsily Vatikàna II, Fotopampianarana Pastoraly mikasika ny Fiangonana manoloana ny toetrandro ankehitriny na *Gaudium et spes*, lah. 26.

[11] Moment extraordinaire de prière en temps d'épidémie [*Fotoambavaka manokana amin'ny fotoanan'ny valanaretina*], 27 Marsa 2020.

[12] *Ibid.*

[13] Jereo Taratasy ansiklika *Fratelli tutti* [*Mpirahalaha ny rehetra*] (3 Oktôbra 2020), lah. 8.153.

[14] S. Jean-Paul II, Taratasy ansiklika *Sollicitudo rei socialis* (30 Desambra 1987), lah. 38.

[15] Jereo Taratasy ansiklika *Ankalazaina anie Ianao* (24 Mey 2015), lah. 91.

[16] Conférence de l'Épiscopat Dominicain, Lett. past. Sobre la relación del hombre con la naturaleza [*Fivondronamben'ny Eveka Dôminikana, Taratasy Pastôraly mikasika ny fifandraisan'ny olombelona amin'ny zavaboary*] (21 Janoary 1987); jereo Taratasy ansiklika *Ankalazaina anie Ianao* (24 Mey 2015), lah. 92.

[17] Jereo Taratasy ansiklika *Fratelli tutti* [*Mpirahalaha ny rehetra*] (3 Oktôbra 2020), lah. 125.

[18] *Ibid.*, lah. 29.

[19] Jereo Message aux participants à la Conférence internationale "Les droits humains dans le monde contemporain: conquêtes, omissions, négations", [*Hafatra ho an'ireo mpandray anjara tamin'ny Fivoriana iraisam-pirenena "Ny zon'olombelona ao amin'ny tontolo ankehitriny : famaboana tany, fanadinoana, fitsipahana"*], Roma, 10-11 Desambra 2018.

[20] Jereo Message à la Conférence des Nations Unies pour la négociation d'un instrument juridiquement contraignant visant à interdire les armes nucléaires en vue de leur élimination complète [*Hafatra ho an'ny Fivoriana'ny Firenena Mikambana nifampiraharahàna mba hisian'ny fitaovana manery araka ny lalàna mandrara ny fitaovam-piadiana nokleary ho fanafoanana azy tanteraka*], 23 Marsa 2017.

[21] Message vidéo à l'occasion de la Journée Mondiale de l'Alimentation 2020 [*Hafatra an-tsarimihetsika tamin'ny Andro Manerantany ho an'ny Sakafo 2020*], 16 Oktôbra 2020.

[22] Jereo Benoît XVI, "Éduquer les jeunes à la justice et à la paix", Message pour la 45ème Journée Mondiale de la Paix 1er janvier 2012 [*"Manabe ny tanora ho amin'ny rariny sy ny fiadanana"*, *Hafatra ho an'ny Andro Manerantany faha-45 ho an'ny Fiadanana 1 janoary 2012*] (8 Desambra 2011), lah. 2; "Gagne sur l'indifférence et remporte la paix", Message pour la 49ème Journée Mondiale de la Paix 1er janvier 2016 [*Reseo ny tsy firaharahàna dia ho azonao ny fiadanana, Hafatra ho an'ny Andro Manerantany faha-49 ho an'ny Fiadanana 1 janoary 2016*], (8 Desambra 2015), lah. 6.

[23] Discours aux Députés et aux Sénateurs de l'Ouganda [*Lahateny tamin'ireo Solombavambahoaka sy Loholon'i Ogandà*], Kampala, 1 Aogositra 1969.

[24] Message à l'occasion du lancement du Pacte Éducatif [*Hafatra tamin'ny fisantarana ny Dinampanabeazana*], 12 Septambra 2019.

[25] Jereo Taratasy ansiklika *Fratelli tutti* [*Mpirahalaha ny rehetra*] (3 Oktôbra 2020), lah. 225.

[26] Jereo *Ibid.*, lah. 64.

[27] *Ibid.*, lah. 96; jereo "Fraternité, fondement et route pour la paix", Message pour la 47e Journée Mondiale de la Paix 1er janvier 2014 [*« Firahalaha, fototra sy lalana ho an'ny fiadanana »*, *Hafatra ho an'ny Andro Manerantany faha-47 ho an'ny Fiadanana 1 janoary 2014*] (8 Desambra 2013), lah. 1.